**PERIKOPA ALAHADY 04 Janoary 2026 - Epifania**
**(Péricope du Dimanche 04 Janvier 2026 - Epiphanie**

**Salamo / Psaume 72**
**Isaia / Esaïe 60 : 1 - 6**
**Efesiana / Ephésiens 3 : 2 - 6**
**Matio / Matthieu 2 : 1 - 12**

**« dia ny hahatongavan'ny Jentilisa ho mpiray lova**
**sy ho tena iray ary ho mpiombona**
**ny teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy noho ny Filazantsara»**
**Efesiana 3 : 6**
*« Voici ce mystère : en étant unis au Christ Jésus par la Bonne Nouvelle, ceux qui ne sont pas juifs reçoivent en partage les mêmes biens que les Juifs. Ils font partie du même corps, ils participent à la même promesse. »*
**Ephésiens 3 : 6**

## Salamo 72 (MRV)

1 Andriamanitra ô, omeo ny mpanjaka ny fitsaranao ary omeo ny zanaky ny mpanjaka ny fahamarinanao!
2 Aoka izy hitsara ny olonao amin'ny fahamarinana ary ny malahelonao amin'ny fahitsiana.
3 Ny tendrombohitra dia hahavokatra fiadanana ho an'ny olona; eny, ny havoana koa, amin'ny fahamarinana.
4 Aoka izy hitsara ny ory eo amin'ny vahoaka sy hamonjy ny zanaky ny mahantra ary hanorotoro ny mpampahory.
5 Hatahotra anao ny olona raha mbola maharitra koa ny masoandro sy ny volana hatramin'ny taranaka fara amandimby.
6 Hidina tahaka ny ranonorana amin'ny saha voajinja izy, tahaka ny ranonorana mivatravatra amin'ny tany.
7 Ny marina dia hitrebona amin'ny androny ary ho be ny fiadanana mandra-paha tsy hisy volana intsony.
8 Hanapaka hatrany amin'ny ranomasina iray ka hatrany amin'ny ranomasina iray izy ary hatrany amin'ny ony Eofrata ka hatrany amin'ny faran'ny tany.
9 Ny mponina any an-tany efitra dia handohalika eo anatrehany ary ny fahavalony dia hilelaka ny vovoka.
10 Ny mpanjakan'i Tarsisy sy ny nosy dia handoa hetra; ny mpanjakan'i Sheba sy Seba dia hanatitra fanomezana.
11 Ny mpanjaka rehetra dia hiankohoka eo anatrehany ary ny firenena rehetra dia hanompo azy.
12 Fa hamonjy ny mahantra mitaraina sy ny ory tsy manan-kamonjy izy;
13 hiantra ny madinika sy ny mahantra izy ary hamonjy ny ain'ny mahantra.
14 Hanavotra azy amin'ny fampahoriana sy ny fanaovana an-keriny izy ary ho sarobidy eo imasony ny rany.
15 Aoka ho velona izy ary aoka homena volamena avy any Sheba izy! Aoka hisy fifonana ho azy mandrakariva ary aoka hotsofindrano isanandro izy!
16 Hahavoka-bary betsaka ny tany na dia any an-tampon'ny tendrombohitra aza, hirondrona tahaka ny any Libanona ny fahavokarany, ary hidokadoka tahaka ny ahitra amin'ny tany ny ao an-tanàna.
17 Ho mandrakizay ny anarany; raha mbola maharitra koa ny masoandro dia haharitra ny anarany. Izy no ho fitahiana ny olona; ny firenena rehetra dia hanao azy hoe sambatra.
18 Isaorana anie NY TOMPO Andriamanitra, Andriamanitry ny Israely; Izy irery ihany no manao fahagagana!
19 Isaorana mandrakizay anie ny anarany malaza! Ary aoka ny tany rehetra ho henika ny voninahiny! Amena! Eny, Amena!
20 Tapitra ny vavaka nataon'i Davida zanak'i Jese.

## Psaume 72 (PDV)

*1 Ô Dieu, donne au roi d'être aussi juste que toi, donne à notre roi ton sens de la justice.*
*2 Qu'il juge ton peuple avec justice, et les malheureux selon ta loi !*
*3 Montagnes, apportez la paix au peuple,collines, apportez-lui la justice !*
*4 Que le roi fasse justice aux malheureux du peuple, qu'il soit le sauveur des pauvres, qu'il écrase celui qui les écrase par l'injustice !*
*5 Que le roi vive jusqu'à la fin du monde, aussi longtemps que le soleil et la lune !*
*6 Qu'il soit comme la pluie qui tombe sur les champs, comme l'eau qui arrose la terre !*
*7 Que la justice s'étende tant qu'il gouvernera, que la richesse déborde tant que la lune brillera !*
*8 Qu'il gouverne de la mer Morte à la Méditerranée, depuis le fleuve Euphrate jusqu'au bout du monde !*

*9 Les habitants du désert s'inclineront devant lui, ses ennemis lécheront la poussière.*
*10 Les rois de Tarsis et des îles lointaines lui apporteront des cadeaux, les rois de Saba et de Séba lui paieront l'impôt.*
*11 Tous les rois se mettront à genoux devant lui, tous les peuples le serviront.*
*12 Oui, le roi délivrera le pauvre qui appelle et le malheureux sans appui.*
*13 Il aura pitié du faible et du pauvre, il leur sauvera la vie.*
*14 Il les délivrera des gens faux et violents, car leur vie a du prix à ses yeux.*
*15 Vive le roi ! Il recevra l'or de Séba, les gens prieront sans cesse pour lui. Que Dieu le bénisse jour après jour !*
*16 Que le blé déborde dans le pays ! Que ses épis se balancent au sommet des montagnes, comme le mont Liban quand il fleurit ! Que les villes se développent, comme l'herbe des champs !*
*17 Que le nom du roi soit célèbre pour toujours, que l'on garde son souvenir tant que le soleil brillera ! Que tous les peuples reconnaissent que le roi est béni de Dieu ! Et que, par lui, chacun souhaite aux autres cette même bénédiction !*
*18 Merci au Seigneur, Dieu d'Israël, lui seul fait des actions magnifiques.*
*19 Merci pour toujours au Dieu glorieux ! Que toute la terre soit pleine de sa gloire ! Oui, oui, qu'il en soit ainsi !*
*20Les prières de David, fils de Jessé, finissent ici.*

**ISAIA 60 : 1 - 6 (MRV)**

1 Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitry NY TOMPO no efa miposaka aminao.
2 Fa indro, manarona ny tany ny haizina, ary manarona ny firenena ny haizim-pito; fa aminao kosa no iposahan'NY TOMPO, ary aminao no isehoan'ny voninahiny.
3 Manatona ny fahazavanao ny firenena maro ary mankeo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao ny mpanjaka. Manintona ny mponina rehetra amin'izao tontolo izao i Jerosalema
4 Atopazy manodidina ny masonao ka jereo: Izy rehetra dia mivory ka mankaty aminao; ny zanakao lahy dia tonga avy lavitra, ny zanakao vavy dia sakelehina.
5 Hahita izany ianao ka ho miramirana, dia hiemponempona sady hohalehibiazina ny fonao, fa hoentina ho anao ny harenan'ny ranomasina ary hafindra ho anao ny fananan'ny firenena.
6 Ho feno rameva betsaka ao aminao, dia rameva tanora avy any Midiana sy Efaha; samy avy any Seba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo manitra no hoentiny, ary ny fiderana NY TOMPO no teny mahafaly hambarany.

**ESAÏE 60 : 1 - 6 (PDV)**

*1 Debout, Jérusalem ! Brille avec éclat : en effet, ta lumière arrive, la gloire du Seigneur se lève sur toi !*
*2 Regarde : la nuit couvre la terre, un brouillard enveloppe les peuples. Mais sur toi, le Seigneur se lève et sa gloire brille sur toi.*
*3 Les autres peuples marchent vers ta lumière, et les rois se dirigent vers la clarté qui s'est levée sur toi.*
*4 Lève les yeux et regarde autour de toi ! Tous se rassemblent et viennent vers toi. Tes fils arrivent de loin, tes filles sont portées dans les bras.*
*5 En voyant cela, tu brilleras de joie, ton cœur battra de bonheur. En effet, les richesses de la mer arriveront chez toi, les trésors des autres peuples parviendront jusqu'à toi, Jérusalem.*
*6 Des troupeaux de chameaux te couvriront, de jeunes chameaux de Madian et d'Éfa. Ils viendront tous de Saba. Ils apporteront de l'or et de l'encens et ils chanteront devant tous la louange du Seigneur.*

**EFESIANA 3 : 2 - 6 (MRV)**

2 raha mba renareo mantsy ny fitantanan'Andriamanitra ny fahasoavany izay nomeny ahy noho ny aminareo,
3 fa fanambaràna no nampahafantarana ahy ny zavamiafina, araka ny voasoratro tamin'ny teny fohifohy teo.
4 Araka izany, raha mamaky ianareo dia ho takatrareo ny fahafantarako ny zava-niafina momba an'i Kristy,
5 izay tsy mbola nampahafantarina ny zanak'olombelona tamin'ny taranaka lasa. Izany dia tahaka ny fanambaràn'ny Fanahy ankehitriny amin'ny Apostoly masina sy ny mpaminany,
6 dia ny hahatongavan'ny Jentilisa ho mpiray lova sy ho tena iray ary ho mpiombona ny teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy noho ny Filazantsara

**EPHESIENS 3 : 2 - 6 (PDV)**

*2 Vous avez sans doute entendu parler du service que Dieu, dans sa bonté, m'a chargé d'accomplir pour vous, afin de réaliser son projet.*
*3 Il m'a ouvert les yeux pour me faire connaître ce projet caché, je viens de vous en parler un peu.*
*4 En lisant ma lettre, vous pouvez voir combien je connais le mystère que Dieu réalise par le Christ.*
*5 Ce mystère, Dieu ne l'avait pas fait connaître aux ancêtres. Mais aujourd'hui, il vient de le faire connaître par son Esprit à ses apôtres saints et à ses prophètes.*
*6 Voici ce mystère : en étant unis au Christ Jésus par la Bonne Nouvelle, ceux qui ne sont pas juifs reçoivent en partage les mêmes biens que les Juifs. Ils font partie du même corps, ils participent à la même promesse.*

**MATIO 2 : 1 - 12 (MRV)**

1 Rehefa teraka tao Betlehema any Jodia Jesosy, tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, dia indreo, nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka niteny hoe:
2 Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany.
3 Ary nony nandre izany i Heroda mpanjaka dia nangorohoro izy mbamin'i Jerosalema manontolo.
4 Dia namory ny lehiben'ny mpisorona rehetra sy ny mpanoradalàna tamin'ny vahoaka izy ka nanontany azy ireo hoe: Aiza moa no hahaterahan'i Kristy ?
5 Dia hoy ireo taminy: Ao Betlehema any Jodia; fa izao no voasoratry ny mpaminany:
6 «Ary ianao, ry Betlehema, tanin'i Joda, tsy dia kely indrindra amin'ireo tanàna ao Joda ianao tsy akory; fa avy ao aminao no hiavian'Izay iray ho Mpanapaka, ka Izy no ho Mpiandry ny Israely oloko» (Mik 5.1).
7 Dia nampiantso ireo Magy mangingina i Heroda ka namotopototra fatratra azy ireo ny amin'izay fotoana nisehoan'ilay kintana.
8 Dia naniraka azy ireo hankany Betlehema izy ka niteny hoe: Andeha, hadihadio tsara ny amin'Ilay Zazakely; koa rehefa hitanareo Izy dia ambarao amiko mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany.
9 Rehefa nandre ny tenin'ny mpanjaka izy ireo dia lasa; ary indro ilay kintana hitany teny atsinanana, nialoha azy mandra-pijanony teo ambonin'izay nitoeran'ny Zazakely.
10 Koa nony nahita ilay kintana izy ireo dia dibo-kafaliana.
11 Ary rehefa tafiditra tao an-trano tokoa izy ireo dia nahita ny Zazakely sy i Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany; ary nony efa nosokafany ireo fitahirizan-drakiny dia nanolotra fanomezana ho Azy izy ireo, dia volamena sy zavamanitra ary miora.
12 Nefa rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy ireo tsy hiverina any amin'i Heroda dia lalana hafa no nandehanany nody ho any amin'ny fonenany.

**MATTHIEU 2 : 1 - 12 (PDV)**

*1 Jésus naît à Bethléem, en Judée, au moment où Hérode le Grand est roi. Alors, des sages viennent de l'est et arrivent à Jérusalem.*
*2 Ils demandent : « Où est le roi des Juifs qui vient de naître ? Nous avons vu son étoile se lever à l'est, et nous sommes venus l'adorer. »*
*3 Quand le roi Hérode apprend cela, il est troublé, et tous les habitants de Jérusalem aussi.*
*4 Le roi réunit tous les chefs des prêtres de son peuple avec les maîtres de la loi. Il leur demande : « À quel endroit est-ce que le Messie doit naître ? »*
*5 Ils lui répondent : « Le Messie doit naître à Bethléem, en Judée. En effet, le prophète a écrit :*
*6 "Et toi, Bethléem, du pays de Juda, tu n'es sûrement pas la moins importante des villes de Juda. Oui, un chef va venir de chez toi, il sera le berger de mon peuple, Israël." »*
*7 Alors Hérode fait appeler les sages en secret. Il leur demande : « À quel moment est-ce que l'étoile est apparue ? »*
*8 Ensuite il les envoie à Bethléem en disant : « Allez vous renseigner exactement sur l'enfant. Quand vous l'aurez trouvé, venez me prévenir, et moi aussi, j'irai l'adorer. »*
*9-10 Après ces paroles du roi, les sages se mettent en route. Ils aperçoivent l'étoile qu'ils ont vue à l'est. Ils sont remplis d'une très grande joie en la voyant. L'étoile avance devant eux. Elle arrive au-dessus de l'endroit où l'enfant se trouve, et elle s'arrête là.*

*11 Les sages entrent dans la maison, et ils voient l'enfant avec Marie, sa mère. Ils se mettent à genoux et adorent l'enfant. Ensuite, ils ouvrent leurs bagages et ils lui offrent des cadeaux : de l'or, de l'encens et de la myrrhe.*
*12 Après cela, Dieu les avertit dans un rêve de ne pas retourner chez Hérode. Alors ils prennent un autre chemin pour rentrer dans leur pays.*